

Miafina miaraka amin'i Kristy

Maty ny fahafatesantsika i Jesosy mba handraisantsika ny fiainany.



**Manambara ny
Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du
Plessis**

Rehefa tojo ny hazo fijaliana voalohany isika, dia mirona hihemotra. Saingy ny hazo fijalian'i Jesosy dia varavarana mankany amin'ny toeran'ny zava-miafina izay tsy hitan'ny biby, tsy hitan'ny vorona, ary tsy fantatry ny zava-boary rehetra (jereo ny Joba 28:7-8). Eo amin'ny lafiny ara-panahy izany. Hoy i Paoly:

" Koa raha niara-natsangana tamin'i Kristy hianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, izay mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra. Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etỳ an-tany. Fa

efa maty hianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra. Raha hiseho Kristy fiainantsika, dia hiaramiseho aminy koa amin'ny voninahitra hianareo.." (Kolosiana 3:1-4,)

Ny fehezan-teny fototra hoe: "Ny fiainanao ankehitriny miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra", dia tsy miresaka momba ny tontolo ho avy, fa ny eto sy ankehitriny. Ny hoe miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra dia midika hoe ao amin'ny toerana miafina. Ny zava-miafina dia rehefa maty Jesosy, dia tsy maty ho an'ny Tenany Izy; Maty ho antsika amin'ny maha-solontenantsika Izy, nitondra ny helotsika sy ny fanamelohan-tenantsika Tenany.

Ny fototry ny fahatakarantsika amin'ny finoana ny Soratra Masina, dia fantatsika fa rehefa maty sy nitsangana Jesosy, dia maty sy nitsangana isika. Nandalo amin'ny alalan'ny fahafatesana ho any amin'ny tontolo tsy takatry ny saina ary tsy takatry ny zava-boary isika. Ao amin'i Kristy isika, ary ao amin'Andriamanitra; tsy misy afaka mahazo antsika raha tsy avy amin'ny alalan'Andriamanitra sy amin'ny alalan'i Kristy izany. Eto amin'ny nofo isika, fa tsy eto amin'ity tontolo hita maso ity ny fiainantsika. Mety mandeha amin'ny alalan'ny fahasarotana sy fanerena maro isika ao anatin'ireny vilany tanimanga ireny, kanefa manana fiainana mandrakizay, tsy mety simba, ary tsy mety levona.

Fiarovana tanteraka izany. Na inona na inona mitranga, ao amin'i Kristy isika dia ao amin'ny toeran'ny Avo Indrindra, narovana amin'ny fiadiana rehetra sy ny loza rehetra (jereo ny Salamo 91:1-2). Ary ny varavarana mankany amin'ny toerana miafina dia ny hazo fijaliana.

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin'ny hazo fijaliana. Manambara aho fa tamin'ny hazo fijaliana, no nidirako hoany amin'ny fitoerana miafina izay an'ny Avo indrindra. Narovana amin'ny fiadiana rehetra sy ny loza rehetra aho, satria Jesosy dia maty ny amin'ny fahafatesako mba hahazoako ny Fiainany, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-117-MLG

Nohavaozina farany: 09 Oct 2026

Tranokala: [Derekprince.com/mg/resources](https://derekprince.com/mg/resources)



"Ny vavaka hoe 'Ho tonga anie ny fanjakanao' dia midika fa fanoloran-tena hitovy amin'izay rehetra tafiditra amin'ny fiavian'ny fanjakana izany."

Dries Du Plessis



[Derekprince.com/mg/resources](https://derekprince.com/mg/resources)